

n° 63

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

Septambra 2024

## AHOANA NY FOMBA ANOHANANA NY MPIOMPY TRONDRO ?

Analamanga sy Itasy

Manao fitsidihana-fifanakalozana  
hahatsara ny asa atao (P. 5)



Atsinanana

Manampy tantsaha hafa  
hanamboatra dobo sy  
hamokatra zana-trondro

(P. 4)

Vakinankaratra

Manampy ny renim-  
pianakaviana marefo  
hamokatra trondro

(P. 5)



## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Efa ho 30 taona izao ny APDRA no nampiroborobo ny fiompiana trondro eny anivon'ny tantsaha amin'ny firenena maro. Teto Madagasikara dia hatramin'ny 2004 no nanohanany ireo mpamokatra maniry hisehatra amin'io asa io, izay miainga amin'ny famokarana zana-trondro ka hatramin'ny fanatavizana. Tsy mora anefa ny fampandrosoana ny fiompiana trondro ary mazàna dia tsy ampy hanatanterahana izany ny fisy teknika, ny horonan-tsary na ny fandaharana an'onjam-peo. Ilaina ihany koa ny fanohana sy ny torohevitra eny ifotony. Ny ACP (Animateurs Conseillers Piscicoles) no mitondra ny fanohana ataon'ny APDRA hatrany am-boalohany saingy voafetra ny isan'izy ireo. Mba hahafahan'ny olona betsaka kokoa misitraka ny teknikam-piompiana trondro dia nisy fomba fanapariahana hafa napetraka ka nampandraisana anjara ireo mpisehatry ny fampandrosoana hafa, isan'izany ny mpiompy trondro.

Hofantarintsika ao anatin'ity laharana ity ny sasany amin'ireo fomba ireo. Voalohany dia ny talen'ny APDRA no hanazava ny paikady fanapariahana ny teknikam-piompiana ampiasain'ny fikambanana, ny traikefan'ny ACP iray miasa eny anivon'ny mpiompy trondro aorian'izay no hanehoana ny fampiharana izany. Ny lahatsoratra manaraka kosa dia hiompana amin'ny tantsoroka ataon'ireo teknisianina mpiara-miasa eo amin'ny sehatry ny fampandrosoana sy ireo karazana fomba fanohana mivantana ataon'ny mpiompy trondro.

Antenainay fa ny famakiana ity laharana ity dia ahafahanareo mahita taratra ireo fomba rehetra azo atao mba ahazoanareo fanohana eo amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro ataonareo.

Anareo àry !

**Ny ekipan'ny FMT**

## LOHAHEVITRA : Ahoana ny fomba anohanana ny mpiompy trondro ?

### Ahoana no fomba anapariahan'ny APDRA ny fiompiana trondro ataon'ny tantsaha eto Madagasikara ?

*Delphine Lethimonnier, talen'ny APDRA Pisciculture Paysanne sady mpiasa ao amin'ny foiben'ny APDRA efa ho 11 taona mahery, no hampafantatra ny lanjan'ny fanamaroana ireo fitaovana fanapariahana ny fiompiana trondro fanaon'ny tantsaha eto Madagasikara.*

**FMT : Inona no paikady fanapariahana ny fiompiana trondro ampiarin'ny APDRA, indrindra eto Madagasikara ?**

**Delphine Lethimonnier :** Voalohany indrindra dia mifototra amin'ny fomba fiompiana trondro azon'ny fianakaviana tantsaha atao ny paikady fanapariahana, satria kely ny fandaniana amin'izany ary mivelona amin'ny sakafiovoajanahary ao anaty rano ny trondro. Afaka mandray ireo torolàlana sy mampandroso ny fiompiany trondro araka izany izay rehetra manana rano ampy sy toerana azo iompiana. Ny paikady fanapariahana ato amin'ny APDRA dia mifototra amin'ny fanofanana ireo ACP misahana ny fanentanana, ny fizarana fahalalana sy ny fahaiza-manao eo amin'ny samy mpiompy trondro ary ny fanomezan-danja ireo fahombiazan'ny mpiompy trondro izay mahaleo tena amin'ny famokarana ataony.

**FMT : Inona no atao hoe « stratégie de passage à l'échelle » ?**

**Delphine Lethimonnier :** Mpiompy trondro tao Betafo tamin'ny 2004 no niarahan'ny APDRA niasa voalohany ary faritra 8 eto Madagasikara no nanapariahany ny fiompiana trondro. Manodidina ny 20 000 ha tamin'izay no natokana hamokarana trondro, ary matetika dia nampiarahana tamin'ny famokaram-bary, efa fiovana lehibe izany ! Tanjonay ny hitondra ny fiompiana trondro eo amin'ny sehatra nasionaly sy ny hamokarana trondro amin'ireo tanimbary na tany rehetra mety amin'izany. Mitaky famoronana fomba fanapariahana maro izany.

**FMT : Inona no antony ampiasana karazana fomba fanapariahana ny fiompiana trondro ?**

**Delphine Lethimonnier :** Tsy voafehin'ny fanarahana fomba iray voafaritra mialoha ny fanapariahana ny fiompiana trondro. Samy manana ny mampiavaka azy ny toerana tsirairay ary tokony hampifanaraka ny teknika hitany tany an-kafa amin'ny zava-misy na misafidy amin'ireo fomba misy ny mpiompy trondro lehilahy sy vehivavy. Izay rehetra mandray anjara amin'ny fampivoarana ny fiompiana trondro, mampisongadina io asa io, mizara ireo torolàlana teknika sy traikefa no mampihetsika ny fanapariahana.

Miankina amin'ny fifandraisany samy mpiompy trondro, izay mifampiresaka, mifanampy sy mampitaha ny traikefany, ary ny fifandraisany amin'ny mpisehatra hafa (eo amin'ny fampandrosoana, ministera, sns.) ihany koa ny tambazotran'ny fanapariahana. Miezaka manamafy sy manamaro ireo tambazotra ireo ny APDRA na amin'ny fikarakarana fitsidihana eo amin'ny samy mpiompy trondro na ny fanentanana vondrona mpamokatra. Miandalana, miaraka amin'ny fanamaroana ireo fomba fanapariahana, dia mety ho voatrandraka ny fahafahan'ny tantsaha ao amin'ny Nosy mamokatra ka hisitrahany mponina trondro mihoatra ny 50 000 taonina.



*Fihaonana teo amin'i Delphine Lethimonnier sy ny mpiompy trondro ao Imito, Amoron'i Mania*

# LOHAHEVITRA : Ahoana ny fomba anohanana ny mpiompy trondro ?

## Amoron'i Mania

### Misarika mpiompy farany betsaka amin'ny fampiharana ny teknika nohatsaraina

*Ao anatin'ity lahatsoratra ity no hanazavan'i Casimir Andrianantenaina, mpanentan'ny APDRA, ny fomba nahafahany nampitombo ny isan'ireo mpiompy trondro mampihatra ny teknika nohatsaraina tao Amoron'i Mania.*

« Miompana amin'ny fisarihana olona farany betsaka hampihatra ny teknika fiompiana trondro nohatsaraina ny asa atao. Mpamokatra vitsivitsy, amin'ny toerana iray, izay mety hahasarika olona hafa ny fiompiana ataony sy ny fahombiazana azony, no iaingako amin'izany.

Tany Amoron'i Mania, kaominina miisa 5 no nampandrosooko ny fiompiana trondro : Imito, Fiadanana,



Fampiofanana mikasika ny famokarana zana-trondro nomena ny fikambanana tantsaha iray tao Ambatomarina

## Matsiatra Ambony

### Mampiofana ny namany amin'ny fiompiana trondro an-tanimbary

*Randriatsilavitroney Louis, na « Randria », 52 taona, ao Ambalahambana-Firariantsoa Miarinarivo, kaominina Ambinanindovoka, distrikan'Ambalavao, no hanazava ny nahatonga azy hampiofana olona ao amin'ny fokontany misy azy amin'ny fiompiana trondro.*

Tamin'ny 1990, karpa sy tilapia no nompian-dRandria miaraka, an-dobo sy an-tanimbary, na dia tsy mbola nahazo tohana ara-teknika. Ny fanohanan'ny APDRA sy ny tetikasa hafa taorian'izay no nentiny nanatsara ny fahaiza-manaony tamin'ny famokarana zana-trondro sy fanatavizana karpa an-tanimbary. Ankehitriny izy dia miompy trondro an-dobo ihany koa ary mamokatra zana-trondro mihoatra ny 8 000 sy trondro vaventy 30 hatramin'ny 40 kg isan-taona. Ny fahitän'ny mpiara-monina ny vokatra azony no namporisika azy ireo hiofana tamin'ny fiompiana trondro. Nanome azy



Fampiofanana mikasika ny fanatavizana karpa an-tanimbary nataon-Randria

Sandrandahy, Ambatomarina sy Ambatofinandrahana. Fomba maro no nanatanterahako izany. Nohetsehiko ireo olona azo iantehlerana amin'ny fifandraisana, toy ny sefom-pokontany, ny mpamokatra zana-trondro sy ny ben'ny tanàna, ary noentaniko mafy ireo mpamokatra afaka miompy trondro. Nampiasaiko ihany koa ny fomba fiasa fikaroham-bahaolana miaraka, izay ampivoriana ireo mpiompy trondro hiara-midinika ireo sakana sy vahaolana amin'ny fiompiana trondro. Farany aho dia nikarakara fiaraha-mitsidika toeram-piompiana, nampahfantatra ny lanjan'ny fivondronana tamin'ireo mpamokatra, sns.

Izany rehetra izany no tena nahafahako nampitombo ny isan'ireo mpiompy trondro mampihatra ny teknika nohatsaraina, ary koa ny famokarana trondro. Tao Imito, ohatra, 20 monja ny isan'ireo mpampihatra talohan'ny 2019. Lasa 323 izy ireo tamin'ny 2023 ary nanangana vovonana kaominaly sy nahavokatra trondro mihoatra ny 13 taonina. Ankehitriny, ireo mpiompy trondro mahafehy tsara ny teknika no mampiofana ny mpiompy vaovao, anatiny sy ivelan'ny kaominina. »

ireo torohevitra ara-teknika nandritra ny taona maro izy vao tsikaritry ny APDRA tamin'ny asa fampiofanana nataony.

Tamin'ny 2023 Randria dia nomen'ny APDRA fitaovam-pampiofana maromaro toy ny fanehoana karazana karpa, fisy teknika mikasika ny famokarana zana-trondro sy ny fanatavizana, sns. Lehilahy sy vehivavy 47 naniry ny hampandroso ny fanatavizana karpa an-tanimbary ao amin'ny fokontany misy azy no efa nofaniny. Manoro hevitra ireo mpamokatra zana-trondro eo an-toerana ihany koa izy, toa an-dramatoa Razafy, izay tsy nahavita nampanatody ny renintrondrony. Tsy sarotra ampiharina hoy izy ny fiompiana trondro rehefa manana ny fahalalana ara-teknika takian'izany. Ny fahazoany tsara ny teknika nianarany sy ny fanjohiana nataon'ireo mpanentan'ny APDRA no nahazoan-dRandria nanatanteraka ny fampiofanana. Nahazoany mpanjifa zana-trondro vaovao ny fampandrosoana ny fiompiana trondro tao amin'ny fokontany misy azy, sady nampihena ny mety hisian'ny halatra trondro ary nanome asa ny tanora ihany koa. Ny olona iray fokontany aminy ihany aloha hatreto no ampiofanin-dRandria na dia mpandalo maro avy any amin'ny faritra hafa no mangataka tohana avy aminy. Manantena ny hiverenan'ny APDRA miasa ao Matsiatra Ambony izy mba hampivoatra hatrany ny fahalalany.

# LOHAHEVITRA : Ahoana ny fomba anohanana ny mpiompy trondro ?

Vakinankaratra

## Manampy ny renim-pianakaviana marefo hamokatra trondro

Mpamokatra zana-trondro ao Antohobe, distrikan'i Betafo, Rakotomalala Bernardin. Mpitao raharaha na PSP eo anivon'ny tetikasa SANUVA ihany koa izy no manazava amintsika izany asany izany eo amin'ny fiompiana trondro.

Amin'ny maha-mpitao raharaha azy dia omen'ny tetikasa tambin-karama Rakotomalala Bernardin amin'ny fanohanany ireo renim-pianakaviana mpisitraka tombontsoa izay mampandroso ny famokarana vaovao ataony. Andraisany anjara betsaka ihany koa ny fanentanana azy ireo mikasika ny tombontsoan'ny fiompiana trondro : « *Manentana ny reny hiompy trondro aho satria ny trondro dia betsaka protein sy ahafahana manatsara ny sakaf* ». Mampofana azy ireo amin'ny teknikam-panatavizana karpa an-tanimbary ihany koa izy sady mampahfantatra ny lanjan'ny fanatanterahana tsara ny fanajariana tanimbary : « *Aleo tsy miompy trondro raha tsy vonona hanao fanajariana, izany hoe mampiakatra tahalaka sy manamboatra dobo fierena, satria mitovy amin'ny miompy trondro ho an'ny renirano sy ny hafa ihany izany !* »

Aorian'izay, mba hahazoan'ireo reny mpisitraka ny SANUVA miroso amin'ny fampiharana, dia mivarotra zana-trondro aminy na mampifandray azy ireo amin'ny mpamokatra zana-trondro hafa izy raha tsy ampy ny amidiny. Ankoatra izay, manara-maso ny asa ataon'ireo vehivavy mpiompy trondro

vaovao ireo hatrany izy mandritra ny fotoam-panatavizana, tahaka ny ataony amin'ireo mpanjifany hafa : « *Mahazatra ahy ny manara-maso ny asan'izy ireo, manampy sy mifanakalo hevitra amin'ireo mpanjifa ny zana-trondroko mikasika ny teknika mba hahazoan'izy ireo vakatra mahafapo.* »



©APDRA 2024

*Bernardin eo am-panaraha-maso ny fiompiana trondro ataon'ny renim-pianakaviana iray tohanany*

## Atsinanana

## Manampy tantsaha hafa hanamboatra dobo sy hamokatra zana-trondro

Letsara Jean Michaël Christophe, zanaka mpiompy trondro ao Ambositavolo, distrikan'i Vatomandry, dia nisafidy ny asa fanohanana mpiompy trondro hafa amin'ny fanaovana dobo sy famokarana zana-trondro.

« Mpiompy trondro ny raiko fa hatramin'ny 2019 dia izaho no tompon'andraikitra amin'ny fanajariana ny dobony sy ny fitantanana ny fiompiana. Ny mpanentan'ny APDRA no hampofana ahy. Eo anivon'ny fiaraha-monina, manentana tantsaha amin'ny fiompiana trondro aho ary manolotra karazana taoraharaha maro, indrindra any amin'ny faritra izay tsy iasan'ny mpanentana. Mifototra amin'ny asa fananganana dobo ny fidiram-bolan'ny fianakaviako.

Mangataka ny hanaovako drafi-panajariana ny dobony ny mpanjifako, na koa vinavinam-pandaniana mihitsy aza. Azoko tanterahina miaraka amin'ny ekipako hatramin'ny farany ny asa aorian'izay raha mety amiko ny fifanarahana. Raha tsy izay dia azoko atao ny mitady mpiasa ho azy ireo hanatanteraka ny asa. Ny fanjohana fotsiny no ataoko amin'izay ka andraisako 20 000 Ariary isan'andro, ialàn'ny sara-pitaterana.

Manampy ny mpiompy trondro (indrindra ny vaovao) izay tsy mbola mahafehy ny teknika famokarana zana-trondro karpa na ireo izay tsy mbola manana toeram-pamokarana zana-trondro na raiaman-drenintrondro ihany koa aho mba hananany zana-trondro ampy ho an'ny fiompiana ataony. Tambin'izany dia vidiako amin'ny vidiny ifanarahana mialoha, latsaka amin'ny eny an-tsena, avokoa ny ambin'ny zana-trondro vakatra. Io no

amenoako ny vaktra zana-trondroko ary ahazoako vola ny fivarotana ny ambiny any an-kafa.

Ankehitriny, mpiompy trondro telo notohanako no afaka mamokatra zana-trondro ho azy ary mpiompy trondro 11 hafa no nisafidy hanao fanatavizana, an-dobo barazy, an-dobo mifampitohy sy an-tanimbary. Mba hahatsara hatrany io asa io dia tiako ny hahazo fiofanana mikasika ny fampiasana ny fitaovam-pandrefesana tany. Maminavina ny hanangana fafana ahitana ny saran'ny asa rehetra ataoko ihany koa aho. »



©APDRA 2022

*Fampiofanana fanamboarana bizo nataon'i Michaël*

# LOHAHEVITRA : Ahoana ny fomba anohanana ny mpiompy trondro ?

Analamanga sy Itasy

## Manao fitsidihana-fifanakalozana hahatsara ny asa atao

Tamin'ny 2023, mpiompy trondro 27 avy ao Anjozorobe sy 4 avy ao Itasy no nitsidika ny mpiompy trondro ao amin'ny kaominina Mandritsara, Vakinankaratra. Namporisika azy ireo hanatsara ny teknikam-piompiany trondro izany fifanakalozana izany.

Naharitra roa andro ny fitsidihana-fifanakalozana iray. Ny APDRA no nikarakara ny fitaterana raha ny mpiompy trondro - mpitsidika sy tsidihana - no niantoka ny fizotry ny fitsidihana, toy ny fatoriana, ny fisakafoana sy ny fifanakalozana. Nanara-maso ny fitsinjarana olona tany amin'ny tokantrano mpandray sy nanao izay hahatomombana ny raharaha fotsiny ny mpanentana. Nandritra ireo roa andro ireo dia tokantrano roa samy hafa no natorian'ny mpiompy trondro tsirairay, nampiakatra ny lanjan'ny fitsidihana izany. Nisy ny dinika sy fifanakalozana tamin'ny fianakaviana mpandray na andro na alina, mikasika ny asa famokarana hafa mifameno, ankoatra ny fiompiana trondro. Feno ny adihevitra teo amin'ny samy mpiompy trondro, tsy nidiran'ny mpanentana, ary nihamafy ny fifampitokisana teo amin'izy ireo.

Nanatsara ny kalitaon'ny teknika fiompiana trondro ireo mpiompy avy ao Anjozorobe sy Itasy rehefa tafaverina tany aminy. Nikarakara fifanakalozana raiaman-drenintrondro sy fividianana zana-trondro tamin'ny mpiompy ao Mandritsara ihany koa izy ireo. Ireto farany kosa dia afaka nitsidika an'Anjozorobe sy Itasy taty aoriania, olona 2 hatramin'ny 4 no nandeha, vokatry ny fanampian'ny APDRA teo amin'ny

fitaterana. Mbola nahafahana nanamafy ny fiantraikan'ny fifanakalozana natao teo aloha izany.

Nahatonga ny tantsaha hahaleo tena eo amin'ny lafiny fikarakarana sy ny tetibola ary vao mainka namporisika azy amin'ny fampiharana teknikam-piompiana vaovao ireo fitsidihana-fifanakalozana ireo. Tantsaha hafa avy ao amin'ny faritra Itasy ankehitriny no maniry ny hikarakara fitsidihana-fifanakalozana izay iantohany samirery.



© APDRA 2023

Fitsidihana-fifanakalozana teo amin'ny mpiompy trondron'Anjozorobe sy Mandritsara

## Itasy

### Mahazo fanohanana avy amin'ny vondrona mpamokatra

Raoelijaona Tinaharison, antsoina hoe « Tina », dia teknisianina sady mpandrindra ara-tsosialy eo anivon'ny federasiona FIKOTAMIFI ao Itasy. Mpamokatra ao amin'ny federasiona no tohanany amin'ny fampiharana ny teknika fiompiana trondro an-tanimbary nohatsaraina.

#### FMT : Tantarao anay ny asa fanapariahana ny teknikam-piompiana trondro an-tanimbary ataonao

**Tina :** Ny teknisianin'ny APDRA ao Itasy no nampiofana ahy tamin'ny teknika fiompiana trondro an-tanimbary nohatsaraina. Mitily ireo tantsaha maniry ny hiompy trondro sy manana toerana azo anaovana izany no asako. Atao aorian'ny fitsidihana ny toeram-piopian'izy ireo ny fampiofanana sy ny fampiharana ny teknika fiompiana trondro an-tanimbary. Ny fanarahamaso ny tantsaha niofana mikasika ny fanajariana tanimbary, ny fanamorana ny fahazoan'ny mpanatavy zana-trondro ary ny fanohanana amin'ny fitantanana ny fiompiana amin'ny ankabobeny no anohizana ny asa. Miara-manao tombana ny taom-pamokarana amin'ny mpiompy ihany koa aho mba hivoahan'ny tombontsoa sy ny sakana niainana. Nahafahanay niara-nikaroka ny vahaolana hanatsarana ny famokarana avy eo ny fomba fiasa fiaraha-mikaroka vahaolana.

Ankoatra ireo aho dia mampiofana ihany koa ireo CAP na Conseillers Agricoles de Proximité izay mampiofana eny anivon'ny kaominina sy ny vondrona ifotony, ary ireo Tantsaha Mpampitan'ny federasiona izay miandraikitra ny fampiakarana

ny filàna ara-piofanana na manoro hevitra ny tantsaha araka ny fahaiza-manaony.

**FMT :** Manao ahoana ny vokatra sy ny vinavina manaraka ?

**Tina :** Olona 119 avy amin'ny vondrona mpamokatra ifotony hatramin'ny 2018 no nomeko fiofanana. Hotohizako miaraka amin'ny CAP ny fampiofanana sy ny fanarahama-sosy amin'ireo kaominina sy fokontany izay tsy iasan'ny APDRA.



Tina (eo afovoany) miaraka amin'ny mpiompy trondro roa lahy tohanany

# LOHAHEVITRA : Ahoana ny fomba anohanana ny mpiompy trondro ?

Analamanga

## Mampiofana teknisianin'ny ONG hafa miasa amin'ny fampandrosoana

*Mpisehatra ara-teknika samihafa no iarahan'ny APDRA miasa hanatsarana ny fanapariahana ny fiompiana trondro an-tanimbary, toy ny eo amin'ny ONG AMADEA sy ny tetikasa AMPIANA 2 eo anivon'ny APDRA.*

Kaominina maromaro iasan'ny tetikasa AMPIANA 2, ao amin'ny distrikan'Ankazobe sy Ambohidratrimo, no iasan'ny ONG AMADEA. Ny fambolena sy fiompiana, ny taozavatra ary fanohanana toeram-pisakafoana an-tsekoly no asa ataony. Nahaliana ny ampahany tamin'ireo tantsaha tohanany ny fiompiana trondro an-tanimbary ka nahatonga azy hiarhiasa tamin'ny APDRA, hanamaroana ireo mpiompy trondro an-tanimbary ao an-toerana. Tamin'ny 2022, nifanaraka tamin'ny anjara asan'ny tsirairay ny ONG roa tonta.

Ny teknisianina roa eo anivon'ny AMADEA sy ireo tantsaha tohanany aloha no nofanin'ny ekipan'ny APDRA tamin'ny fanatavizana trondro an-tanimbary. Tamin'ny 2022-2023, tantsaha 150 no nisitraka io fiofanana io ary nampifandraisir'ny mpanentan'ny APDRA tamin'ny mpamokatra zana-trondro izy ireo. Tamin'ny may 2023, tantsaha 15 liana tamin'ny famokarana zana-trondro karpa no nofanina tamin'izany ary nahavokatra zana-trondro ampy namatsiana ireo tantsaha tohanan'ny AMADEA tamin'ny taom-pamokarana manaraka. Mikasika ny fitsinjarana andraikitra, ny teknisianin'ny AMADEA ankehitriny no miantoka ny fanjohana sy ny fanohanana ireo mpanatavy ; ny mpamokatra zana-trondro kosa no iandraiketan'ny teknisianin'ny APDRA hany ka afaka misahana mpiompy trondro betsaka kokoa any amin'ny toeran-kafa izy ireo. Miara-miasa ihany ny teknisianin'ny roa tonta eo amin'ny

lafiny fifanakalozana traikefa. Araka izany, tamin'ny aogositra 2023 dia nisy ny fikarakarana fitsidihana-fifanakalozana teo amin'ireo tantsaha tohanan'ny fikambanana roa tonta hanamasifana ny fahaiza-manaon'ny mpahazo tombontsoa.

Miara-miasa amin'ny lohahevitra hafa ihany koa ny APDRA sy ny AMADEA, toy ny fanentanana ny tokantrano mba hiarahan'ny lehilahy sy vehivavy miasa eo amin'ny famokarana trondro, ny torohevitra ho an'ny famokarana tantanam-pianakaviana, ny fananganana rafitra, ny famarotana, sns. Tanjon'ny ONG roa tonta ny hanohana tantsaha hatramin'ny 250 mandritra ny taom-pamokarana 2024-2025.



©APDRA 2023  
Mpandray anjara tamin'ny fiofanana

## Amoron'i Mania

### Vokatra maharitra iray avy amin'ny fampiofanana an-tsekoly

*Ramiharisoa Nomenjanahary Joseph na « Ramose Mihary » dia nisitraka ny fiofanana an-tsekoly nomen'ny APDRA mikasika ny teknika fiompiana trondro an-tanimbary ny 2016-2017 ka manohy ny fampitâna izany ao amin'ny lycée FJKM Tsimialonjafy Betampo, kaominina Kianjandrakefina izay ampianarany ankehitriny.*

Mpianatra tao amin'ny kilasy fahaefatra sy fahatelo tao amin'ny CEG tao Kianjandrakefina Ramose Mihary fony izy nandray fiofanana mikasika ny fanatavizana karpa an-tanimbary. Taorian'izay no niompiany trondro ka ny vola azony tamin'izany no niantoka ny sara-pianarany.



©APDRA 2023  
Ramose Mihary eo am-pandraisana ny fitaovam-pampiofanana avy amin'ny APDRA

Ho an'ity mpianatra miompy trondro lasa mpampianatra ity dia fomba iray nanohizany ny fianarany ny fiompiana trondro an-tanimbary. Ahazoana sakafo izany, ahafahana manefa ny sara-pianarana no sady azon'ireo mpianatra mandoa ny sekoly atao asa. Tamin'ny 2022 Ramose Mihary no nangataka tamin'ny tompon'andraikitry ny lycée ny hampiofanana ny mpianatra amin'io asa io, ny alarobia tolakandro. Mpianatra 300 avy amin'ny kilasy fahaenina hatramin'ny kilasy famaranana, amin'ny mpianatra mitontaly 750, no nisafidy hiofana. Ramose Mihary no mpampiofana nohon'ny fahalalana sy traikera ananany. Manampy azy amin'ny fiambenana ny ankizy 300 izay miara-manatrika ny fotoana kosa ireo mpampianatra namany.

Tantara an-tsary 75 nozarain'ny APDRA taloha, nalainy tany amin'ny sekoly nianarany, no ampiasain-dRamose Mihary. Mampiasa ireo fitaovam-pampiofanana farany novolavolain'ny APDRA ihany koa izy, toy ny fisy teknika momban'ny famokarana zana-trondro sy ny fanatavizana, ary ireo fitaovana fanoroan-kevitra ny famokarana tantanam-pianakaviana.

# LOHAHEVITRA : Ahoana ny fomba anohanana ny mpiompy trondro ?

Matsiatra Ambony, Amoron'i Mania, Atsimo Atsinanana, Bongolova


## Ho avy na hiverina amin'ny faritra efatra ny APDRA amin'ny 2024 !

Miasa ao amin'ny faritra Analamanga sy Itasy amin'ny alàlan'ny fizaram-potoana samihafa anatanterahana ny tetikasa « AMPIANA » ny APDRA hatramin'ny 2015. Mandritra ny AMPIANA 3, 2024-2027, manohy ny asany any amin'ireo faritra ireo ary manomboka asa any amin'ny faritra Bongolava ny APDRA. Ny vondrona rejionaly VOMBO, mpikambana ao amin'ny FIFATA, no tohanany any amin'io faritra io : teknisianina sy tantsaha mpampita no hofanina hiantsoroka ireo tantsaha any an-toerana amin'ny fiompiana trondro.

Any atsimo kokoa, niasa 14 taona tao Matsiatra Ambony sy 9 taona tao Amoron'i Mania ny APDRA saingy voatery nisitaka ny faran'ny 2023, nohon'ny tsy fision'ny famatsiam-bola. Na teo aza ny fahombiazana azo sy ny fahavitrihan'ny mpiompy trondro any an-toerana dia mbola maro ny asa tokony hatao hampaharitra ny fampandrosoana ny fiompiana trondro sy hahaoana ny teritory mahazo ireo mpisehatra eo amin'io lalam-pihariana io. Amin'ny faran'ny 2024 dia tokony hanomboka hiasa any amin'ireo faritra roa ireo indray ny APDRA amin'ny alàlan'ny tetikasa vaovao « ASAM » (Aquaculture pour la Sécurité Alimentaire de Madagascar), izay vatsian'ny Coopération Allemande vola.

Mbola amin'ny faran'ny 2024, eo anivon'ny tetikasa ASAM ihany, dia tokony hanitatra ny asany any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana ny APDRA ka hanomboka ny fanohanany ireo tantsaha sy mpisehatra eo amin'ny lalam-pihariana trondro any an-toerana.

**Faritra iasan'ny APDRA eto Madagasikara manomboka amin'ny faran'ny taona 2024**



## TARATASIN'NY MPAMAKY

### Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 62

« Nanamafy ny fahalalanay ireo karazan-trondro fiompy sy ny toetoetrany ny famakiana ny laharana 62. » Rafinimandro Augustin sy Fetilahy Dadah (Antanandava-Ambavolo, Vatomandry, Atsinanana)

« Misaotra amin'ny fampahafantarana ny kabo sy ny trondro gasy, trondro roa samy tsy fahita firy aty amin'ny faritra misy anay. » Razafindriana Tojo Fahasoavana (Ambatolampikely-Niherenana, Vatomandry, Atsinanana)

« Zava-dehibe ny fahafantarana ireo karazan-trondro mialohan'ny hiompiana azy ireo miaraka ao an-dobo. » Basile (Amboditavolo, Vatomandry, Atsinanana)

« Tena tsapanay mpiompy trondro ny tombontsoa azo avy amin'ny fiompiana karazan-trondro maro ! » Razakaharivelio Norbert (Lavakorana-Amboditavolo, Vatomandry, Atsinanana)

« Karpa sy tilapia no fiompiko, tamin'ny may lasa teo no nanombohako niompy vangolaopaka nohon'ny fanentanana nataon'ny ekipan'ny APDRA sy ny fitsidihana mpiompy trondro iray tany Antanety Sud, kaominina Inanantonana. Ny faran'ny jolay ihany koa no nanombohako nizara tilapia tamin'reo izay liana tamin'io karazan-trondro io vokatry ny famakiana ny n° 62. Io laharana io no nahafantaroko ny teknikam-piompiana karazan-trondro samihafa. » Randrianarivo Rolland (Tsingoarivo-Soavina, Betafo, Vakinankaratra)

« Nahaliana ahy ny fampivadiana tilapia roa samy hafa karazana. Kay na ny famokarana marakely aza mety atsaraina ! Hiezaka hanao fikarohana mikasika ny karazan-trondro toy ny ataon'ny

tantsaha hafa aho satria mba manana maro ihany. » Ratinarivo, antsoina hoe « Ngiah Tiana » (Antohobe, Antohobe, Vakinankaratra)

« Nahavariana ahy ny fiompian'ny tantsaha iray avy aty aminay, Afovoan-tany, ny vangolaopaka. Tena tiako ny hifampiresaka mivantana aminy sy hahazo zana-trondro ihany koa. » Ranohavimanana Morasata, na « Dadamora » (Korosovola, Antohobe, Vakinankaratra)

« Mitombo tsara ny vangolaopaka : eo am-panadramana ny famokarana aho izao ary hitako tsara izany ! » Rakotoarisoa Aimé (Antanety Sud, Inanantonana, Vakinankaratra)

« Mety tsara ny teknika fiompiana sy famokarana trondro gasy ao Itasy. Mahaliana ahy koa izy io satria tsapako fa mihamihena io karazan-trondro io eto Madagasikara. » Rafanomezantsoa Cecel, antsoina hoe « Cel » (Inanantonana, Inanantonana, Vakinankaratra)


« Manomboka mahaliana olona betsaka aty amin'ny manodidina anay ny vangolaopaka ka tsara raha ampiaranina ny olona ny teknika fiompiana azy. » Andrianarivo Félicien, antsoina hoe « Randria » (Mazoto, Vinany, Vakinankaratra)

« Tsara ho an'ny mpiompy toa anay ny miompy trondro hafa ankoatra ny karpa, toy ny marakely sy ny baraoa, satria afaka manjono izahay amin'izay rehefa te-hihinana. » Rasolofonirina Jean Fidèle (Mahazoarivo-Belanitra, Ambohimasina, Vakinankaratra).

# SAMIHAFA

## RARINTENY

Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara.  
Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.




- Mampita fahalalana na traikefa amin'ny olona hafa
- Fenelezana zavatra na fahalalana na traikefa amin'ny maro kokoa
- Tolotra fanampiana olona izay andraisana tambiny
- Fanintonana ny saina na ny mason'ny olona amin'ny zavatra iray
- Fahazoana vokatra tsara amin'ny zavatra iray
- Manainga ny olona mba hanatanteraka zavatra iray
- Tetika amam-pahaizana ampiasaina amin'ny fanatanteraha ha asa iray

Valin'ny rarinteny tao amin'ny FMT n° 62

- Laobazaha
- Fiompsonia
- Coptodon
- Oreochromis
- Miroir
- Trondro
- Karazana

**Fahadisoana :** «Vangolaopaka» fa tsy baraoa no anaran'ny trondro hita eo amin'ireo sary tao amin'ny FMT n° 62, pejy faha-6.



## Voanjobory lafika trondro

### Fangaro :

Trondro salantsalany 4  
Voanjobory lena 1 kopoaka  
Voatabia 2  
Menaka 4 sotro fihinanana  
Rano  
Sira ½ sotro kely



### Fikarakarana

- Kikisana sy diovina ny trondro
- Sasana tsara ny voatabia sy ny voanjobory
- Manao saosy amin'ny menaka sy ny voatabia
- Arotsaka ny voanjobory ary afangaro mialohan'ny hametrahana ny trondro eo amboniny
- Asiana rano mahadifitra azy sy sira
- Masahana mandritra ny 45 minitra sady tapohana rano raha ilaina

Mazotoa homana ô !

Source : Livret de recettes du projet AMBIOKA



Trondro nolafihana voanjobory



APDRA  
Pisciculture Paysanne  
Antenne Madagascar  
La Résidence Sociale  
Antsirabe - MADAGASCAR  
Tél. (261) (20) 44 489 89  
[www.apdra.org](http://www.apdra.org)  
[lvrp@apdra.org](mailto:lvrp@apdra.org)

### Talen'ny Famoahana

Barbara Bentz  
Tonian'ny Fanoratana  
Sidonie Rasoarimalala  
Mpanoratra  
Z. L. Andry Manampisoa  
Clémentine Maureaud  
Mariette Rasoanantenaina  
Aina Rabalijaona  
Casimir Randrianantenaina  
Romuald Andriainaina  
J. Dieu Donné Rakotondravola  
Donatiens Razafindratsiry  
Faly Razanajatovo  
Julien Sadousty  
Arnaud Samy  
Eric Zafimandimby